

FIOMPIANA GANA SY GISA FAKANA ATY MATAVY

1. NY ATY MATAVY

Ny aty matavy na « foie gras » dia sakafo azo avy amin'ny atin'ny gana na gisa lahy nofahanana katsaka mba ahazoana aty tena lehibe 0,4 – 1,3 kilao. Anisan'ny sakafo tena ankafizin'ny olona tokoa izy io. Azo hanina masaka, tsy dia masaka tsara na manta ny aty matavy. Azo andrahoana amin'izao na miaraka amin'ny zavatra hafa izy io, azo potehina atao “pâté” koa.

2. KARAZANA GANA SY GISA FIOMPY AHAZOANA ATY MATAVY



Gana « BARBARIE » na dokotra milanja 5 kilao eo ho eo.



Gana « MULARD »: gana azo avy amin'ny fampanarahana. dokotra lahy (barbarie) sy gana vavy (col vert) na gana (lahy (col vert) sy dokotra vavy (barbarie), gana manome aty matavy sy hena tena tsara. Io karazana io no matetika ompiana angalana aty matavy eto Madagasikara.



Gisa volon-davenina antsoina hoe : « oie grise des Landes ».

3. IREO DINGAN'NY FIOMPIANA

Ny fiompiana tsotra sy ny famahana

3.1. Ny fiompiana tsotra

Misy dingana roa tokony arahina ny fiompiana :

Amin'ny fotoana voalohany izany hoe ny fiompiana tsotra izay mandany ny 90% ny fotoana hiainany, ny gana na ny gisa dia avela hirenirenny eny an-kalamanjana manomboka ny 3 ka hatramin'ny 4 herinandro. Vokisana bozaka aloha ireo hanamafy ny aranany, avy eo dia sakafo misy “amidon” (vary, sns....) izay mampaha-lehibe ny atiny tokony ho eo amin'ny antsasaky ny habeny farany.

Amin'ny fotoana faharoa izany hoe ny fotoana famahana izay mateza 15 – 21 andro. Ny gana eo amin'ny 3 volana ary milanja 3.75 – 4 kilao dia velomina ao amin'ny trano, mitsitokatokana na “épinettes” dia fahanana in-droa isan'andro, in-telo isan'andro ho an'ny gisa. Alentika amin'ny alalan'ny “entonnnoir” hatrao amin'ny tendany ny sakafo izay katsaka ihany.

3.2. Ny famahana



Ny famahana dia eo amin'ny 16-21 andro ho an'ny sarin-dokotra, 23 andro ho an'ny dokotra amin'ny maraina sy hariva. Ny gisa dia fahanana farafahakeliny 20 andro, in-3 isan'andro. Fahanana amin'ny voan- katsaka iray manontolo tsy misy fangarony.

4. NY FIKARAKARANA NY SAKAFONY

Ny gana sy ny gisa dia fahanana amin'ny voan-katsaka tsy mivaky, nomasahana tamin'ny rano.

- hofaina ny katsaka analana ny vovoka
- ampangotrahana mandritry ny 2-3 minitra ny katsaka ny herinandro voalohany ary 5 ka hatramin'ny 15 minitra ny herinandro faharoa
- tsihifina ka avela ho matimaty
- arotsaka avy eo ny sira (10 - 15 g isaky ny katsaka iray kilao), menaka (25g isaky ny katsaka iray kilao) sy karibonetra iray tsongo mba hanamorana ny fandevenan-kanina.

Ho an'ny gana, ny habetsahan'ny katsaka isaky ny mihinana dia 200g amin'ny fiantombohany ary 400g amin'ny faramparany. Ny gana 4 kilao dia mila rano 4 litatra isan'andro.

5. NY FITAOVANA FAMAHANANA

Ny famahanana dia fametrahana am-pitandremana ao amin'ny takorobavan'ny gana lahy sy ny gisa ny katsaka mifangaro rano. Alentika 20 – 30 santimetatra any ny fantson'ilay fitaovana. Azo ampiasàna amin'izany ny lantonara « entonnoir » sy ny hazo.



« moulinette »



famahana
tanàna



famahana ara-indostria

Tandremana tsara ny famahanana ary tsy azo asiana fanafody ampazoto homana azy. Fahana in-2 isan'andro ny gana ary ny gisa in-4 isan'andro. Mba ahazoana aty matavy 400-600 grama, ny gana dia fahana 2 -3 herinandro (maraina sy hariva). Mba ahazoana aty matavy 700 grama hatramin'ny 1 kilao, ny gisa dia fahana 3 – 4 herinandro (4 isan'andro in-2 maraina, in-2 hariva, mielanelana eo amin'ny adiny iray).

6. NY TRANONY

Ny tranon'ny gana dia tokony ho voasimenitra, somary mitongilana mba ikorian'ny rano



maloto, misy rivotra saingy tsy rivotra be loatra na mifamaly, tsy mando lava, tsy mangatsika, sasàna isan'andro ka ny rano maloto dia atoby anaty lavaka any ivelany.

Tsy mipetraka amin'ny tany mivantana ny vorona fa ao anaty “épinette” miefitrefitra eo amin'ny 3,5 metatra tora-droa « m2 » ary ny ahavony 1 metatra. Azon'ny gana 10 – 12 itobiana isaky ny efitra. Izany dia vita amin'ny volotsangana na hazo mifanetiny. Kendrena mba tsy ho tafatsofoka ao anelanelan'ny hazo ny tongotry ny biby.

7. NY FAHASALAMAN'NY BIBY

Mandritry ny fotoana fiompiana sy famahanana dia tokony arahin'ny tompony maso tsara ny fahasalamana sy ny fitombon'ny biby indrindra amin'ny fotoana famahanana azy ahazoana aty matavy. Raha misy tsy fahasalamany dia manantona veterinera.



Aty tsotra

aty matavy

BIBLIOGRAFIA

<http://pagesperso-orange.fr/lafermedeborie/visite.htm>

http://fr.wikipedia.org/wiki/Foie_gras

<http://www.chez.com/gascogne/foie/html/gavage.html><http://www.chez.com/gascogne/foie/html/gavage.html>

<http://lambertfoiegras.site.voila.fr/page2.html>

<http://veganrevolution.free.fr/articles3/oies.html>

<http://www.elevage-gavage.fr/tout-sur-le-foie-gras.html><http://www.elevage-gavage.fr/tout-sur-le-foie-gras.html>

Fiompiana gana, fakàna aty matavy. - In : Ireo Tantsaha Vaovao n°162, p.5.- Aogositra 2007